

Mijery ilay zaza : ilay harona izay mainty ngizina nohon 'ny arina dia madio tanteraka izao !



« Anaka, izao no mitranga rehefa mamaky baiboly ianao. Tsy azonao daholo, tsy tadidinao foana izay novakianao, fa rehefa mamaky azy kosa, dia ny any anatinao no miova. Toy izany no fiasan' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika, manatsara antsika anaty Izy ary manova antsika tsikelikely mba hahafahantsika hitovy aminy ».

Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!

# Ny haron -drano



365 histoires.com

Jean-Louis Gaillard




Izany no mitranga rehefa mamaky baiboly ianao. Nisy ankizilahy kely iray izay niara-niaina tamin' ny raibeny tanaty fitoeram-mpiompiana. Isaky ny maraina ilay raibe, kristianina, mifoha aloha ary maka fotoana kely mba hamakiana ny soratra masina. Nanandrana naka tahaka azy ny zafikeliny…



fa indray andro nanontany azy hoe:« Dadabe ô, manandrana mamaky baiboly aho, fa ny fotoana vitsy mba hahatakarako zavatra amin' ilay izy dia adinoko avy hatrany ilay izy. Ka inona no ilàna izany ? Tsy aleo tsy mamaky instony aho ! ».Mamita am-pilaminana ny fametrahana ny arina - izay tazominy anaty harona - ao anaty fatana ilay



raibe raha afaka izany dia miteny amin' ny zafikeliny hoe : « Mandehana mankany amin' ny renirano dia hitondray rano aho ».



Dia nandeha ary ilay zaza kanefa rehefa niverina izy dia tsy nisy rano intsony tao anatin'ilay harona.



Mihomehy ilay raibe ary miteny hoe : « Fa ahoana, tokony ho haingana ianao. Mandehana ê, miverena any amin' ny ony dia makà rano ». Mazava ho azy fa tsy nahomby ihany koa io ezaka hafa io.



Fantatr' ilay zazalahy fa tsy ho vitany izany kanefa lasa ihany izy mba hampisehoana ilay lahy antitra fa tsy misy ilàna izany. Mba niezaka faingana ihany izy fa nitete tamin'ny lavaky ny harona ny rano.



Niverina avy any amin'ny renirano izy ary nitondra ilay harona foana ho an' ny raibeny, sady miteny hoe : « Hitanao tsara ? Tsy misy ilàna izany ! ». « Azonao antoka ve ? - hoy ilay raibe - Jereo kely ange ilay harona ».

365histoires.com

# Boky miloko

